TOEKARENA SY FITANTANAM-BOLA

ECONOMIE et FINANCES Newsletter

MADAGASIKARA

17 JUIN 2025

Photo : Felana Rajaonarivelo

Rencontre Gouvernement-Parlement

le Ministre de l'Economie et des Finances met les points sur les « i »

Un sans faute. Rindra Hasimbelo RABARINIRINARISON a, comme à son habitude, passé avec succès son Grand Oral à la Chambre Basse durant la traditionnelle « Rencontre Gouvernement-Parlement » les 12 et 13 juin 2025.

Rencontre Gouvernement-Parlement : le Ministre de l'Economie et des Finances met les points sur les « i »

En effet, le Ministre de l'Economie et des Finances a répondu pendant exactement 11 minutes 45 secondes aux questions qui concernaient son département, notamment la question de la fiscalité sur l'impôt Foncier sur la Propriété Batie (IFPB) des communes, l'interpellation sur le don de 28 milions USD octroyé par la Chine ou encore la prise en charge des fonctionnaires à la polyclinique d'Ilafy.

Pour l'IFPB, elle a tenu à rassurer l'assistance. " Aucun texte n'a été modifié" affirme-t-elle. Les Communes sont de ce fait, encore souveraines, dans la gestion de leurs impôts. Elle a également balayé d'un revers l'interpellation du Député Gasikara Fenosoa sur la non-inscription d'un don de 28 millions USD de la Chine en l'invitant à bien relire la Loi de finances avec le numéro de page concerné. L'autre sujet attendu par les deputés était la prise en charge des agents de l'Etat à la polyclinique d'Ilafy. Qui sommes-nous a-t-elle répondu, pour obliger les fonctionnaires à venir se soigner au sein de cette clinique privée. Chaque être humain a le droit de se soigner là ou il veut. C'est un droit fondamental.

Le 16 juin 2025, ce fut au tour du Sénat de recevoir les membres du Gouvernement. Le Grand Argentier a précisé durant sa prise de parole qu'une formation sera octroyée aux agents concernés par la collecte impôt Foncier sur la Propriété Batie (IFPB) des communes.

Fihaonana teo amin'ny governemanta sy ireo parlementera

Tsy nitsanga-menatra ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, ramatoa RABARINIRINARISON Rindra Hasimbelo nandritra ny fihaonana tamin'ireo mpikambana ao amin'ny Governemanta sy ny Solombavam-bahoaka ny faran'ny herinandro lasa teo. Voavaly avokoa ireo fanontaniana napetrak'ireo farany.

Indro atolotra anao manaraka eto ireo famintanana.

- Ireo tetikasa rehetra izay nangatahana famatsian'ny CCPREAS dia entina eny amin'ny Filankevitry ny Minisitra.
- Tsy misy fiovana ny resaka hetra alaina amin'ny trano na IPFB. Mbola ny Kaominina foana no mitantana azy hoy izy fa ny fomba fanangonana ihany no nohavaozina. Niditra amin'ny digitalisation sy fampiasana haitao ara-kajy mirindra izahay hoy ramatoa minisitra, amin'ny fanatsaràna ny rafitra fanambaram-bola sy fanaraha-maso.
- Momba ilay 28 tapitrisa dolara izay voalaza fa tsy hita anaty Tetibolam-panjakana, dia nanentana ny solombavam-bahoaka izay nilaza izany ny tenany hijery izany ao amin'ny Tome II, pejy 398.
- Ny fiverenan'ny famindrana vola avy amin'ny Ambatovy ho an'ireo Kaominina sy Faritra voakasika indray dia efa napetraka amin'ny komity manokana mikarakara izany.
- Raha ny trosan'ny JIRAMA indray dia nanamafy ny MEF fa tsy mibaby ny trosan'ny Jirama iray manontolo ny fanjakana malagasy. Tsy maintsy mahazo fankatoavana mialoha amin'ny Filankevitry ny Minisitra izay fandoavana atao. Ka hatreto hoy izy, dia mbola 30 miliara ariary isam-bolana no natokana ho an'ny solika mavesatra aloha no nahazo fankatovana.
- Polyclinique Ilafy indray dia tsy anjaran'ny MEF no misafidy fitsaboana ho an'ny mpiasam-panjakana.

Ny alatsinainy 16 Jona 2025 indray dia anjaran'ireo Loholona no nandray azy mpikambana ao amin'ny Governemanta ireo.

Raha ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola manokana dia fanamafisana ireo efa voalaza tetsy ambony no nataony. Alohan'ny hirosoana amin'ny fanatanterahana ity fanafahan-kevitra ity hoy izy dia hisy fampiofanana eny anivon'ireo kaominina. Ary mbola namafisina hatrany fa an'izy ireo madiodio ny vola fa tsy lasan'ny fanjakana foibe.

Conférence Budgétaire Régionale 2025 : coup d'envoi à Ambovombe

En vue de l'élaboration du projet de Loi de Finances 2026 et du Cadre de Dépenses à Moyen Terme (CDMT) 2026-2028, le Ministère de l'Économie et des Finances (MEF), à travers la Direction Générale du Budget et des Finances (DGBF), a officiellement lancé l'édition 2025 de la Conférence Budgétaire Régionale (CBR) le 13 juin à Ambovombe, au cœur de la région Androy.

Comme chaque année, la CBR 2025 s'inscrit à la politique d'inclusivité en impliquant les acteurs locaux dans l'élaboration du budget de l'État afin d'ancrer les politiques publiques dans les réalités territoriales. Cet événement marque une étape importante avec la participation des nouveaux maires, récemment élus à la tête des collectivités territoriales.

Fruit d'une collaboration étroite entre le Ministère de l'Économie et des Finances (MEF), le Ministère de l'Intérieur (MININTER) et le Ministère de la Décentralisation et de l'Aménagement du Territoire (MDAT), la Conférence vise à renforcer la cohérence entre planification territoriale et choix budgétaires nationaux.

Le programme de la CBR 2025 repose sur trois piliers essentiels : (i) écouter les besoins sur terrain en recueillant les attentes des communautés locales à travers leurs représentants élus (ii) sensibiliser à la priorisation des projets afin d'aider les collectivités à identifier les actions les plus pertinentes et (iii) élaborer un portefeuille régional structuré, aligné avec les outils de planification existants pour assurer la cohérence et l'efficacité des investissements.

À travers la CBR 2025, le Gouvernement réaffirme son engagement à réduire les inégalités régionales et à promouvoir un développement plus équilibré, inclusif et durable. L'objectif de cette démarche est clair : alimenter un portefeuille d'investissements aligné sur les priorités locales, qui pourra faire l'objet d'un arbitrage en vue de son intégration dans le budget national. Cette méthode vise à garantir une meilleure équité territoriale et une efficacité renforcée de l'action publique. Cette rencontre stratégique constitue un véritable espace de dialogue entre l'État, les collectivités, le Secteur Privé, et la Société civile pour co-construire les priorités de demain.

Fikaonandoham-paritra ho an'ny tetibola 2025

Toy ny fanao isan-taona, ary ho fanangonana ireo tetikasam-pampandrosoana atolotr'ireo olom-boafidy eny anivon'ny vondron'olona ifotony, dia nosokafana tamin'ny fomba ofisialy androany tao Ambovombe ny *Conférence Budgétaire Régionale 2025*.

Ity Fihaonam-be ity moa dia efa fomba napetraka teo anivon'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola ho fanomanana ny Volavolan-dalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana, mba tsy hisy kaominina sy distrika adino amin'ny fandrafetana izany.

Marihana fa Minisitera telo (3) no miara-misalahy amin'izany : Ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, ny Minisiteran'ny Atitany, ary ny Minisiteran'ny Fitsijaram-pahefana sy Fanajariana ny Tany.

Aorian'ity fanokafana amin'ny fomba ofisialy ity, dia hitety faritra ny CBR. Hisy ihany koa ny fampiofanana ireo olom-boafidy.

La loi portant sur la gestion de la trésorerie de l'État bientôt mise à jour

60 ans après sa mise en place, le gouvernement propose une nouvelle loi sur la gestion de la trésorerie publique qui ne répond plus aux exigences actuelles. Ce projet de loi vient de ce fait combler ce vide, sans pour autant modifier le processus d'exécution budgétaire qui reste régi par une autre loi.

4 grands changements sont recensés dans ce projet de loi : (i) le renforcement des principes de base en matière de gestion de trésorerie : un compte commun du Trésor sera appliqué sur tout le territoire national, avec pour obligation de centraliser les ressources financières des structures publiques dans les comptes du Trésor, (ii) une Unité de Trésorerie et un Comité de Trésorerie assureront la gestion de la trésorerie et mettra fin à la prise de décision individuelle, (iii) l'élaboration d'un plan de trésorerie devient une obligation légale, afin de mieux anticiper les besoins et les flux financiers, (iv) le texte qui légalise l'utilisation du marché monétaire comme instrument de gestion.

Pour que les structures étatiques puissent assimiler les nouvelles dispositions, un délai de 18 mois sera accordé aux structures étatiques et permettra également la mise en place des outils, des formations et des structures nécessaires pour une application effective.

Il convient toutefois de noter que les communes rurales, n'ayant pas encore les structures nécessaires et compatibles à ces exigences ne sont pas encore concernées par cette nouvelle réforme.

Fanavaozana ny lalàna mifehy ny tahirimbolam-panjakana.

Nankatoavina ny faha-14 Jona 2025 nandritra ny Filan-kevitry ny Minisitra ny Volavolan-dalàna mifehy ny tahirimbolam-panjakana. Manazava ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola.

Ramatoa Minisitra, inona tsara no fehezin'ity volavolan-dalàna vaovao ity?

Ity lalàna ity dia fampidirana sy fanekena ny hampiasana fitaovana vaovao amin'ny fampiasana ny tahirimbola satria efa tsy mifandraika amin'ny fivoarana iainana ankehitriny, indrindra fa ny fivoarana ara-teknolojia intsony ny teo aloha izay efa tamin'ny 29 septambra 1962.

Hevi-dehibe 4 no azo avoitra amin'ito volavolan-dalàna ito:

- Fanamafisana ireo fitsipika fototra fitantanana ny tahirimbola izay efa fahita manerana an´izao tontolo izao : kaonty iraisana manerana ny Nosy sy fametrahana ireo volan'ny rafim-panjakana rehetra ao amin'ny tahirimbolam-panjakana sns sns (efa fepetra fototra niasa teto hatrizay ireo fa nohamafisina).
- Fametrahana rafitra mitantana ny tahirimbola mba tsy ho olombelona tokana no manapa-kevitra fa komity: rafitra 2 no apetraka amin'izany dia ny Unité de Trésorerie sy ny Comité de Trésorerie
- Fampidirana ho lasa lalàna (consécration juridique) ny tsy maintsy anaovana drafitry ny tahirimbola (plan de trésorerie) izay fitaovam-pitantanana prévisionnelle. Ilay lalàna tamin'ny 1962 dia tsy mitaky plan de trésorerie izany fa izay hitantanana azy eo fotsiny fa amin'ito izany tsy maintsy mi-prévoir plan foana
- Fampidirana ho lasa lalàna (consécration juridique) ny fidirana amin'ny tsenam-bola (marché monétaire)

Tsy manova ny resaka fitantanam-bola izany ity lalàna ity?

Tsy manova ka.

Rehefa miresaka volam-panjakana dia sarahana ao an-tsaina ny sora-bola, ny lelavola ary ny kaontim-bola :

- Ny sora-bola (budget) no mitarika ny fampiasam-bola (exécution budgétaire, marché, contrats, sns sns). Io samy manana ny azy.
- Ny kaontim-bola no fanaovana ny kajy apetraka, mety tsy hiara-dia amin'ny fotoanan'ny exécution io : mety hoe amin'ny 2025 vao mahavita kaontin'ny 2024 ohatra.
- Ny Lelavola no antsoina hoe tahirimbolam-panjakana, izay resahana amin'ilay volavolan-dalàna io ary io no itambarana. Raha ataontsika exemple amin'ny fiainana andavan'andro dia CAISSE ilay resahana.

Dia ahoana ny fanatanterahana azy?

Mbola omena 18 volana ny rafi-panjakana mba hampiarana ity lalàna ity ka. Ary mbola tsy mihatra amin'ny kaominina ambanivohitra aloha mandrapahafahan'izy ireo manana fitaovana maoderina afaka manaraka ilay teknolojia sy fanavaozana ho apetraka.

Célébration du 65e anniversaire de l'indépendance de Madagascar

Les festivités marquant le 65e anniversaire de l'indépendance de Madagascar ont été officiellement lancées le lundi 2 juin 2025. La cérémonie s'est tenue devant l'Hôtel de Ville à Analakely, sous le haut patronage du Président de la République, Monsieur Andry RAJOELINA. Elle a également vu la présence des membres du Gouvernement, conduits par le Premier ministre, Monsieur Christian NTSAY.

Le thème retenu cette année est : « *Le patriotisme, moteur du développement* ». Dans son discours, le Président a souligné que cet amour de la patrie devrait être le moteur qui incite chaque citoyen à s'unir pour faire avancer Madagascar.

Ce moment symbolique a été marqué par une mobilisation collective des institutions et ministères. Pour sa part, le Ministère de l'Économie et des Finances a choisi de mettre en avant le savoir-faire vestimentaire local da la région Analamanga pour participer à cette célébration.

Toujours dans le même registre, le 04 juin 2025, les agents du Ministère de l'Economie et des Finances ont massivement participé à la marche pour la liberté aux côtés de leurs homologues fonctionnaires issus des autres Ministères.

Fankalazana ny faha - 65 taonan'ny fiverenan'ny fahaleovan-tena teto Madagasikara

Nosokafana tamin'ny fomba ofisialy ny alatsinainy 02 Jona 2025 lasa teo ny fankalazana ny faha-65 taonan'ny fiverenan'ny fahaleovan-tenan'i Madagasikara. Teo anoloan'ny Lapan'ny tanàna Analakely no nanaovana ny lanonana izay teo ambany fiahian'ny Filoham-pirenena, Andriamatoa Andry RAJOELINA. Nanatrika izany ihany koa ireo mpikambana ao amin'ny Governemanta izay notarihan'andriamatoa Praiminisitra NTSAY Christian.

"*Ny fitiavan-tanindrazana, mitarika fandrosoana*" ny lohahevitra entina hanamarihana izany amin'ity taona ity. Ary notsipihan'ny Filoha nandritra ny lahateniny fa izay fitiavan-tanindrazana izay no tokony hanentana ny tsirairay hifanome tanana hampandroso an'i Madagasikara. Nanamarika ity fotoana ity ny diam-piaraha-mientana nataon'ireo andrimpanjakana sy minisitera. Ka ho an'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola dia ny fitafy avy eto Analamanga no nosafidiana nentina nandraisana anjara.

Isan'ny nanamarika ity herinandro voalohan'ny volana jona ity ihany koa ny fiaraha-mientan'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola tamin'ireo Andrim-panjakàna sy Minisitera rahavavy nandritry ny *Diaben'ny Fahaleovan-tena* ny 04 Jona 2025.

Financement du développement : Madagascar s'initie aux mécanismes innovants grâce au projet FIER

Antananarivo, juin 2025 – Alors que le financement des Objectifs de Développement Durable (ODD) devient un défi pressant pour les pays du Sud, Madagascar amorce une montée en compétence stratégique à travers une formation de haut niveau sur le « Development Financing ». Cet atelier, qui s'est tenu du 3 au 5 juin à Anosy, s'inscrit dans le cadre du projet conjoint « Financement Intégré pour les Énergies durables – FIER », financé par le Joint SDG Fund et mis en œuvre avec l'appui des Nations Unies.

Un pas vers un financement plus durable et inclusif

Durant trois jours, les participants – principalement des techniciens nationaux – ont été initiés aux fondamentaux du financement durable. Animée par deux expertes du Centre International de Formation de l'OIT (ITCILO), la formation a mis en lumière l'évolution du paradigme : du simple « funding » (mobilisation de ressources) vers un véritable « financing » (structuration financière stratégique), en faveur d'une transition verte et inclusive.

Parmi les thématiques abordées figurent les instruments financiers innovants tels que le financement mixte (blended finance), les obligations thématiques, la microfinance verte ou encore les garanties financières. Des ateliers pratiques ont permis d'illustrer la mobilisation de ressources dans des contextes concrets, à travers des études de cas et des analyses de risques.

Aligner ambitions nationales et solutions globales

La délégation malgache, par la voix du Directeur des Études et de la Programmation du Ministère de l'Économie et des Finances, a saisi l'opportunité pour présenter la situation économique nationale et ses attentes. Le message était clair : renforcer les compétences pour mieux structurer et canaliser les ressources vers des projets à fort impact.

Dans un contexte international marqué par l'insuffisance des financements publics et la montée des exigences de transparence et de durabilité, cette initiative s'inscrit dans une dynamique globale de recherche de solutions hybrides mobilisant capitaux privés, investissements verts et contributions philanthropiques.

Vers un changement systémique

Le projet FIER, en renforçant les capacités des cadres nationaux, ouvre la voie à une transformation durable de l'écosystème financier malgache. L'objectif est ambitieux : accélérer l'accès à des ressources adaptées aux enjeux de développement du pays, notamment dans les

Fampandrosoana ara-bola : Manamafy ny fahaiza-manao i Madagasikara amin'ny alalan'ny tetikasa FIER

Antananarivo, Jona 2025 – Manoloana ny fanamby atrehin'ireo firenena aty amin'ny elabola Atsimo amin'ny fanatanterahana ny Tanjona maharitra ho an'ny Fampandrosoana (ODD), dia miditra amin'ny dingana iray manan-danja i Madagasikara amin'ny alalan'ny fiofanana avo lenta momba ny "Development Financing" na famatsiam-bola ho an'ny fampandrosoana. Notanterahina tao Anosy, ny 3 hatramin'ny 5 jona 2025 io atrikasa io, ary tafiditra ao anatin'ny tetikasa iombonana "Financement Intégré pour les Énergies duRables – FIER", izay vatsian'ny Joint SDG Fund sy tanterahina miaraka amin'ny fanohanan'ny Firenena Mikambana.

Dingana iray mankany amin'ny famatsiam-bola iombonana sy maharitra

Nandritra ny telo andro dia teknisianina malagasy maromaro no nandray anjara sy nampiofanina tamin'ny fototra iorenan'ny famatsiam-bola maharitra. Nentin'ireo manampahaizana roa avy ao amin'ny Centre International de Formation de l'OIT (ITCILO) ny fiofanana, izay namelabelatra ny fiovan'ny fomba fijery amin'ny sehatry ny famatsiam-bola : avy amin'ny "funding" (fitadiavana vola) ho amin'ny "financing" (fandaminana ara-bola stratejika), ho fanohanana ny fiovàna maitso sy mirindra kokoa.

Anisan'ny lohahevitra nodinihina ny fitaovana ara-bola vaovao toy ny famatsiam-bola mifangaro (blended finance), ny famatsiam-bola madinika maitso, ary ireo antoka ara-bola (garanties financières). Nisy atrikasa an-tanana nampiharana izany tamin'ny alalan'ny fanadihadiana tranga sy fandinihana loza mety hitranga amin'ny fanatanterahana tetikasa.

Fampifanarahana ny tanjona nasionaly amin'ireo vahaolana maneran-tany

Nandray anjara mavitrika tamin'ny atrikasa ny solontenan'i Madagasikara, izay notarihin'ny Talen'ny Fandinihana sy ny Fandrindrana (DEP) ao amin'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola. Nandritra ny fandraisam-pitenenany, dia nanazava ny toe-draharaha ara-toekarena ankehitriny eto amin'ny firenena izy ary nampita ny fanirian'ny fitondrana hanamafy ny fahaiza-manao amin'ny fandrindrana sy fizarana ara-drariny ireo loharanon-karena, ho amin'ireo tetikasa misy fiantraikany lehibe.

secteurs de l'énergie, du climat et de la résilience.
À l'heure où Madagascar entend accélérer son développement, la capacité à naviguer dans un univers financier de plus en plus complexe s'impose comme un levier essentiel. Et cette formation pourrait bien marquer un tournant dans la professionnalisation du financement du développement sur la Grande Île.

Ao anatin'ny toe-javatra iraisam-pirenena izay ahitana fihenan'ny famatsiam-bola avy amin'ny fanjakana sy fitakiana avo lenta amin'ny fangaraharàna sy ny lafiny tontolo iainana, dia anisan'ny ezaka ao anatin'ny fikarohana vahaolana mifangaro ity tetikasa ity, ka ahitana ny fiaraha-miasa amin'ny sehatra tsy miankina, famatsiam-bola maitso ary fandraisana anjara avy amin'ny mpamatsy vola mpilatsaka an-tsitrapo.

Mirona amin'ny fiovana maharitra

Amin'ny alalan'ny fanamafisana ny fahaiza-manaon'ireo mpiasam-panjakana, dia manokatra lalana mankany amin'ny fanavaozana maharitra ny rafitra ara-bola eto Madagasikara ny tetikasa FIER. Mazava ny tanjona : hanamora ny fahazoana loharanon-karena mifanaraka amin'ny filàna sy ny zava-misy eto amin'ny firenena, indrindra eo amin'ny sehatry ny angovo, ny fiovan'ny toetrandro ary ny faharetana manolona ny krizy.

Tsy azo ihodivirana intsony ny fahaiza-manao amin'ny fitetezana tontolo ara-bola miha-sarotra sy manahirana. Ary mety ho mariky ny fiandohan'ny matihanina amin'ny sehatry ny famatsiam-bola ho an'ny fampandrosoana eto amin'ny Nosy ity fiofanana ity.

Projet PARRC : L'exécution des activités du projet jugée satisfaisante

Environ 77%. Tel est le taux de réalisation des activités du Projet d'Accompagnement des Réformes et de Renforcement de Capacités (PARRC) par rapport aux prévisions. Cette information a été communiquée en marge de la réunion de suivi-évaluation interne dédiée à ce projet du Ministère de l'Économie et des Finances qui s'est tenue le mardi 10 juin 2025, dans les locaux du Plan à Anosy.
Cette rencontre a réuni les responsables techniques des quatre composantes du Projet ainsi que les bénéficiaires directs afin d'assurer la continuité et de renforcer l'efficacité des interventions menées. Le Directeur des Opérations Financières auprès de la Direction Générale du Trésor, Madame Hery Njaka RAKOTOARIMANANA, y a représenté le Directeur Général, en sa qualité de Président du Comité technique du Projet.
Les échanges ont permis de :
- dresser un mini bilan des réalisations et une brève cartographie des activités à venir ;
- identifier les ajustements nécessaires pour optimiser les actions en cours ;
- évaluer l'efficacité des appuis techniques assurés par l'Agence Française de Développement à travers le Cabinet Expertise France, tant au niveau central qu'à travers ses Experts résidents ;
- formuler des recommandations à soumettre au Comité de pilotage (COPIL), en vue de consolider les acquis, adopter de nouvelles orientations stratégiques si nécessaire afin d'assurer une mise en œuvre efficace et durable des prochaines étapes du Projet.

TETIK'ASA PARRC : Fanaraha-maso sy Tomban'ezaka Anatiny

Ho fanamafisana ny fitohizan'ny asa sy mba hampahomby ny tetikasa PARRC na - «Projet d'Accompagnement des Réformes et de Renforcement de Capacités» – dia notanterahina ny Talata 10 Jona 2025 maraina, tao amin'ny Plan Anosy, ny fivoriana fanaraha-maso sy tomban'ezaka anatiny. Fotoana izay nandraisan'ireo mpisitraka mivantana sy ireo tompon'andraikitra isaky ny singa sy asa anatin'ny tetikasa anjara.

Ramatoa RAKOTOARIMANANA Hery Njaka, Talen'ny "Opérations Financières" eo anivon'ny Tahirimbola-panjakana, no nisolotena ny Tale Jeneraly, izay filohan'ny komity mitantana ny tetikasa PARRC, nanokatra ny fivoriana.
Nivoitra nandritra io fotoana io:
- Ny fanaovana jeritodika ny asa efa vita sy ireo mbola ho tanterahina;
- Ny fandinihana ny lafiny tokony hohatsaraina, ireo asa tokony hotohizana, ary ireo asa tokony ajanona;
- Ny fandidiana ny asa nataon'ireo mpitantsoroka ara-teknika izay niahian'ny «Expertise France» mivantana, sy ny asa ataon'ireo mpanohana ara-teknika efa miasa maharitra eto Madagasikara;
- Ny fandinihana sy famintinana ireo soso-kevitra stratejika hoentina eo anivon'ny Komity Mpitantana ny Tetikasa (COPIL), ho fanatsaràna sy fanohizana ny tetikasa amin'ny fomba mahomby sy maharitra, iatrehana ireo dingana manaraka voafaritra anatin'ny Tetikasa.

Madagascar recevra les Réunions des Comités de pilotage de l'AFRITAC Sud et l'Institut de Formation du FMI pour l'Afrique

Les 30 juin et le 01er juillet 2025, Madagascar accueillera dans ses murs les membres des comités de pilotage de ces deux institutions instaurées par le Fonds Monétaire International (FMI).

L'AFRITAC Sud (AFS) fait partie des 17 centres régionaux de développement des capacités du Fonds Monétaire International (FMI). Son objectif est d'apporter un soutien au renforcement des capacités (RC) principalement aux Ministères des Finances, aux Banques Centrales, aux autorités fiscales et aux agences statistiques. L'AFS est piloté par un comité de pilotage (CP) composé de représentants des pays membres , des partenaires au développement et du FMI, qui fournit des orientations stratégiques sur les priorités de RC pour la région. Le Centre continue d'élargir et de diversifier ses services de RC afin de mieux répondre à l'évolution des besoins de la région.

L'Institut de formation pour l'Afrique pour sa part fait partie d'un réseau de centres de formation régionaux du FMI répartis dans le monde entier, qui contribuent à développer la capacité des pays à élaborer des politiques en leur transmettant des compétences économiques et les meilleures pratiques.

Par l'intermédiaire de l'ATI, le FMI propose un vaste programme de cours, allant des politiques fiscales, monétaires et de change à la viabilité de la dette, à la supervision du secteur financier et à la gestion macroéconomique des pays riches en ressources, un domaine de plus en plus important pour de nombreuses économies africaines. Le programme couvre également les questions de croissance inclusive et d'intégration régionale. Les cours de l'institut sont adaptés aux besoins des décideurs africains et ancrés dans les réalités macroéconomiques de l'Afrique, un avantage clé d'un institut basé dans la région.

Handray ny Fivorian'ny Komity Mpitantana an'ny AFRITAC Atsimo sy ny Ivon-toeram-pampiofanana an'ny FMI ho an'i Afrika i Madagasikara

Handray ireo mpikambana ao amin'ny komity mpitantana an'ireo rafitra roa napetraky ny Tahirim-bola Iraisam-pirenena (FMI), dia ny AFRITAC Atsimo sy ny Ivon-toeram-pampiofanana ho an'i Afrika i Madagasikara ny 30 Jona sy ny 01 Jolay 2025 ho avy izao.

Ny AFRITAC Atsimo (AFS) dia isan'ireo foibe 17 maneran-tany napetraky ny Tahirim-bola Iraisam-pirenena (FMI) ho fanohanana ny fampandrosoana ny fahaiza-manao. Tanjon'ny AFS ny manome fanohanana amin'ny fanamafisana ny fahaiza-manao, indrindra ho an'ny Minisitera misahana ny Fitantanam-bola, ny Banky Foibe, ny manampahefana misahana ny hetra, ary ny andrim-panjakana misahana ny antontan'isa. Tantanan'ny Komity Mpitantana (CP) ny AFS, izay ahitana solontenam-pirenena avy amin'ny firenena mpikambana, ny mpiara-miombon'antoka amin'ny fampandrosoana ary ny FMI. Ity komity ity no manome torolalana stratejika momba ireo laharam-pahamehana amin'ny fanamafisana ny fahaiza-manao ho an'ny faritra. Mitohy manitatra sy manova ny tolotra omeny amin'ny fanamafisana ny fahaiza-manao ny Foibe mba hahafahana mamaly tsara kokoa ny filàna mitombo sy miovaova eto amin'ny faritra.

Ny Ivon-toeram-pampiofanana ho an'i Afrika indray dia anisan'ny tambajotra maneran-tany amin'ny foibe fanofanana napetraky ny FMI, izay mikendry ny hanampy ireo firenena amin'ny fanamafisana ny fahaiza-manaony amin'ny famolavolana politika amin'ny alalan'ny fampitana fahalalana ara-toekarena sy fomba fanao tsara indrindra.

Amin'ny alalan'ny ATI, manolotra fandaharan'asa fanofanana midadasika ny FMI, manomboka amin'ny politika ara-ketra, ara-bola ary ara-tsenam-bola ka hatramin'ny fitantanana trosa maharitra, fanaraha-maso ny sehatra ara-bola, ary fitantanana ara-toekarena ho an'ireo firenena manankarena loharanon-karena – sehatra iray tena manan-danja ho an'ny toekarena afrikanina maro. Ahitana ihany koa ireo lohahevitra mikasika ny fitomboana mirindra sy ny fampidirana ara-toekarena eo amin'ny faritra ny fandaharan'asa. Namboarina manokana hanaraka ny filàn'ireo mpanapa-kevitra afrikanina ny taranja omena, sady miorina amin'ny zava-misy ara-toekarena eto Afrika – tombony lehibe ho an'ny ivon-toerana miorina eto amin'ny faritra.

Formation sur le SIIGFP : Le MEF accélère la modernisation des finances publiques

Dans le cadre de la mise en œuvre de son Plan de Formation, le Ministère de l'Économie et des Finances (MEF) a organisé une session de formation sur le Système Intégré Informatisé de Gestion des Finances Publiques (SIIGFP) qui vise à renforcer l'efficacité des gestionnaires publics dans un contexte de digitalisation croissante. Du 10 au 12 juin 2025, la Direction de la Formation et de la Coordination des Réformes (DFCR) a formé des ordonnateurs, gestionnaires et régisseurs sur les fonctionnalités clés du SIIGFP. Lors de ces trois journées, les participants ont approfondi l'ensemble des fonctionnalités du système.

Avec cette formation, le MEF confirme sa volonté à optimiser la gestion budgétaire grâce aux outils numériques. D'autres sessions sont prévues pour couvrir d'autres domaines.

Fampiofanana momba ny SIIGFP: Manafaingana ny fanavaozana ny fitantanam-bolam-panjakana ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola"

Miroso amin'ny fanatsaràna hatrany ny eto anivon'ny Minisitera. Tafiditra ao anatin'izany ny fikarakarana fampiofanana mikasika ny Rafitra Anaty Tambajotra Entina Hitantanana ny Vola sy Tetibolam-panjakana (SIIGFP) izay notontosaina ny 10 ka hatramin'ny 12 jona 2025.

Tanjona amin'ity hetsika izay nokarakarain'ny Foibem-pitondrana izay misahana ny fampihofanana eto amin'ny MEF ity, ny hanamafisana ny fahaiza-mitantana ho an'ireo mpisehatra ara-bola amin'ny vanim-potoana iray izay mihamiroborobo hatrany ny fampiasana haitao ara-kajy mirindra.